FITSAHONA NY HAZOFIJALIANA - FATAON'NY MPIANAKAVY AO AN-TRANO (10 Aprily 2020)

Ireto misy soso-kevitra vitsivitsy aroso mety ataon'ny mpianakavy ao an-trano ho « FITSAHONA NA FANAJANA AMBONY NY HAZOFIJALIANA amin'izao Zoma Masina mampihiboka antsika an-trano izao ka tsy afa-miara-mankalaza NY FIJALIAN'I JESOA KRISTY TOMPONTSIKA miaraka amin'ny kristianina namana . Soso-kevitra ihany no aroso fa ny tsirairay afaka manao azy araka izay mahamety azy .

FANOMAMANA

Homanina tsara ny toerana hanaovana ny Vavaka. Asiana Lakroa eo ambony latabatra, tsara ihany koa raha misy Sarin'i Jesoa mifantsika ny Lakroa. Baiboly na Testamenta Vaovao misokatra eo amin'ny Evanjely nosoratan'i Md Joany (18,1- 19, 42). Labozia iray ary tsy misy voninkazo na haingo hafa fa mbola miasaona ny Fiangonana.

Ny toro-marika manoro ny tokony hatao sy izay hanao azy dia:Mena
Ny zavatra holazain' ny tsirairay na ny hafa na miaraka dia:Mainty ihany

Amin'ity Zoma Masina ity dia zavatra 2 lehibe no misongadina amin'ny Vavaka ataontsika dia ny « LALAN'NY HAZOFIJALIANA » sy ny « FITAHONA NY LAKROA MASINA ». Eto dia atolotra manokana ho anareo ny momba ny « FANAJANA MANOKANA NY HAZOFIJALIANA ».

LITORJIAN'NY MPIANAKAVY

Raha toa ka maromaro ny olona dia manendre olona iray mitarika ny Vavaka, na Raim-pianakaviana, na Renim-pianakaviana, na izay zokiny indrindra ao an-trano. (G)

G- Ho fiombonantsika amin'ny Evekantsika sy ireo Kristianina rehetra eto amin'ny Diosezin'i EVRY dia iarahantsika manao ny Famantaran'ny Hazofijaliana :
AMIN'NY ANARAN'NY RAY SY NY ZANAKA SY NY FANAHY MASINA. AMEN

G- Ho fiombonantsika amin'ireo rehetra tsy mba afaka mivory amin'ity Zoma Masina ity , hiarahantsika mandre amin'izy ireo ny « Tantaran'ny Fijalian'i Jesoa, ary manentana antsika hiombona amin'izy ireo tanteraka sy amin'iJesoa ary miaraka amin'ny Fiangonana manerana an'izao tontolo izao.

VAVAKA ;
G- Tompo ô, fantatray fa tsy misy fetra ny fitiavanao, izay tsy nandà ny Zanakao fa nanolotra Azy hamonjy ny olombelona rehetra, koa ankehitriny izao, asehoy anay ny fitiavanao, te-hanaraka an'i Kristy mizotra tsy amim-pihambahambana ho any amin'ny fahafatesana izahay, tohano hanohana Azy hatrany izahay ary hamasino amin'ny Misterin'ny Pakan'ny Zanakao. Fa Izy ilay velona sy manjaka amin'nty taona rehetra mandrakizay. AMEN

Olona iray manao ny fampidirana ny Evanjely :
Isan'andalana ao amin'ny Evanjely ho vakiantsika izao no handrenesantsika ny tantara milaza ny momba an'i Jesoa Kristy, ilay Tenin'Andriamanitra tonga Nofo. Tenin'Andriamanitra Izy ary Izy no fahazavan'ny fiainantsika sy Vatsy ho antsika ety an-dalam-pivahiniana.
Avia ry Fanahy Masina, sokafy ny fo amam-panahinay , ampio izahay handray tsara ity Tenin'Andriamanitra ity mba hitondra vokatra be eo amin'ny fiainanay.

EVANJELY

Tsy misy fihobiana mialoha toy ny mahazatra fa avy hatrany dia atomboka ny vakiteny. Raha maromaro dia tsara raha samy mba mandray anjara ny tsirairay ka misy ny : Mpitantara(L), Jesoa (+) ; Mpianatra sy ny Namany (D) ; Vahoaka (F) ; Olona hafa (A).

FIJALIAN'I JESOA KRISTY TOMPONTSIKA NOSORATAN'I MD JOANY.

(L) Rahefa voalazan'i Jesoa izany, dia lasa izy sy ny mpianany nankany andafin'ny riakan'i Sedrona, izay nisy saha anankiray nidiran'izy sy ny mpianany. Fantatr'i Jodasy ilay namadika azy koa io toerana io, satria falehan'i Jesoa sy ny mpianany matetika. Ka nony voarainy ny antoko-miaramila iray sy ny mpiandry raharaha avy amin'ny lohandohan'ny mpisorona sy ny Farisiana, dia nankao izy nitondra fanala sy fanilo, ary fiadiana.Jesoa tamin'izany, dia efa nahalala rahateo izay rehetra hanjo azy, ka nitsena azy ireo sy nanao taminy hoe :

(+) Iza no tadiavinareo ?

(L) Dia hoy ny navalin'izy ireo Azy

(F) Jesoa avy any Nazareta

(L) ka hoy i Jesoa taminy

(+) Izaho no Izy.

(L) Eo koa izany Jodasy ilay namadika azy. Vao nilazan'i Jesoa hoe;izaho no izy, dia nianotra izy ireo, ka niankarapoka tamin'ny tany. Fa nanontany azy indray i Jesoa nanao hoe

(+) Iza no tadiavinareo ?

(L) Dia hoy izy ireo;

(F) Jesoa avy any Nazareta.

(L) ka novalian'i Jesoa hoe

(+) Efa voalazako taminareo fa izaho no izy ; koa raha izaho notadiavinareo, dia avelao handeha ireto.

(L) Izy no nilaza izany dia mba hahatanteraka ny teny voalazany hoe : Tsy nisy very izay nomena ahy, na dia iray aza. Ary nana-tsabatra Simona Piera ka notsoahany dia nasiany ny mpanompon'ny lehiben'ny mpisorona, ka afaka tery ny sofiny an-kavanana : Malkosy no anaran'ilay mpanompo. Fa hoy i Jesoa tamin'i Piera

(+) Ampidiro amin'ny tranony ny sabatrao, tsy hosotroiko va ny kapoaka nomen'ny Ray ahy ?

(L) Tamin'izay ny antoko-miaramila sy ny tompon'arivo ary ny mpiandry raharaha nirahin'ny Jody, dia nisambotra an'i Jesoa, ka namatotra azy.

(L) Tany amin'i Ana aloha no nitondrany azy, fa io no rafozan'i Kaifa izay lehiben'ny mpisorona tamin'izany taona izany.Ary Kaifa kosa no ilay nanome saina ny Jody hoe mahasoa raha maty ho an'ny vahoaka ny lehilahy anankiray. Nanaraka an'i Jesoa tamin'izany i Piera sy ny mpianatra anankiray hafa ; ary fantatry ny lehiben'ny mpisorona ilay mpianatra anankiray, ka niara-niditra tamin'i Jesoa tao amin'ny tokontanin'ny lehiben'ny mpisorona. Fa Piera kosa nijanona tany ivelany tao akaikin'ny vavahady. Dia nivoaka ilay mpianatra izay fantatry ny lehiben'ny mpisorona, ka niteny tamin'ny vehivavy mpiandry vavahady, ary nampiditra an'i Piera. Fa hoy ity ankizivavy mpiandry vavahady tamin'i Piera

(A) Moa tsy isan'ny mpianatr'io Lehilahy io va ianao ?
(L) Ary hoy izy
(A) Tsia.
(L) Nangatsiaka ny andro tamin'izay, ka nipetraka namindro teo amin'ny afo ny mpanompo sy ny mpiandry raharaha, ary dia mba niara-namindro teo koa i Piera.
(L) Ary ny lehiben'ny mpisorona nanadina an'i Jesoa ny amin'ny mpianany sy ny fampianarany, ka hoy i Jesoa namaly azy
(+) Niteny am-pahibemaso tamin'ny olona rehetra aho, ary nampianatra mandrakariva tao amin'ny Sinagoga sy ny Tempoly, izay ivorian'ny Jody rehetra, fa tsy nilaza na inona na inona an-takona ; ka ahoana no anontanianao ahy ? Ireo nihaino ahy no anontanio izay voalazako taminy, fa ireo no mahalala izay nampianariko.
(L) Nony nilaza izany i Jesoa dia nasian'ny mpiandry raharaha anankiray tehamaina sy nataony hoe
(A) Izany ve no famalinao ny lehiben'ny mpisorona ?
(L) Jesoa namaly azy hoe
(+) Raha ratsy ny teniko, lazao izay ratsy, fa raha tsara ihany kosa, nahoana no dia mamely ahy ianao ?
(L) Dia nasain'i Ana nentina am-patorana ho any amin'ny Kaifa lehiben'ny mpisorona izy. Ary Simona Piera nijanona namindro teo koa, ka nisy nanao taminy hoe
(A) Moa tsy isan'ny mpianany koa va ianao ?
(L) Fa nandà izy nanao hoe
(A) Tsia.
(L) Dia hoy ny anakiray tamin'ny mpanompon'ny lehiben'ny mpisorona,izay havan'ilay notapahin'i Piera sofina
(A) Tsy ianao va ilay hitako niaraka taminy tao anaty saha ?
(L) Fa nandà indray i Piera, ary niaraka tamin'izay dia nisy akoho naneno. Dia nentiny niala tao amin'i Kaifa Jesoa, ho any antranon'ny governora. Efa maraina ny andro tamin'izay. Tsy niditra tao an-**trano anefa izy ireo , fandrao voaloto ka tsy afa-mihinana ny Paka. Koa Pilaty no nivoaka nanatona azy ireo teo ala-trano ; nanao hoe**
(A) Inona no iampanganareo io Lehilahy io ?
(L) Dia hoy ny navalin'izy ireo azy;
(F) Raha tsy mpanao ratsy izy, dia tsy ho natolotra anao.
(L) Ka hoy Pilaty taminy
(A) Ento izy ka tsarao araka ny lalànareo.
(L) Fa hoy ny Jody namaly azy
(A) Tsy manam-pahefana hanamelo-ko faty izahay
(L) Izany no tonga dia mba hahatanteraka ny teny nambaran'i Jesoa momba ny fahafatesana hanjo azy. Dia niditra tao an-trano i Pilaty, ka niantso an'i Jesoa sy nanao taminy hoe
(A) Moa mpanjakan'ny Jody va ianao ?
(L) Jesoa namaly hoe
(+) Anao samy irery izany teny izany , sa an'olon-kafa nilaza ahy taminao ?

(L) Dia namaly Pilaty nanao hoe
(A) F'izaho angaha Jody ? Ny firenenao sy ny mpisoronao no nanolotra anao tamiko, ka inona no nataonao ?
(L) Jesoa namaly hoe
(+) Tsy anisan'izao tontolo izao ny fanjakako , fa raha anisan'izao tontolo izao ny fanjakako, dia ho niady ny oloko, ka tsy ho voarain'ny Jody aho, fa tsy anisan'izao tontolo izao ny fanjakako.
(L) Dia hoy Pilaty taminy
(A) Koa mpanjaka izany ianao ?
(L) Ary novalian'i Jesoa hoe
(+) Efa voalazanao,Mpanjaka aho. Teraka aho, sy tonga teto an-tany mba hanambara ny marina, ka izay rehetra mpanaraka ny marina , dia mihaino ny feoko.
(L) Hoy Pilaty taminy
(A) Inona no marina ?
(L) Fa nony voalazany izany, dia nivoaka nankeo amin'ny Jody indray izy ka nanao tamin'ireo hoe
(A) Raha izaho, dia tsy mahita izay helony na dia iray aza, fa araka ny fanao amin'ny Paka dia mandefa olo-meloka izay tianareo aho, koa tianareo ve ny handefasako ny mpanjakan'ny Jody ?
(L) Fa nihorakoraka indray izy rehetra nanao hoe
(F) Tsy izy, fa Barabasy.
(L) Kanefa jiolahy Barabasy.
(L) Tamin'izay, nalain'i Pilaty Jesoa ka nasainy nokapohina. Dia nandrandrana fehiloha tsilo ny miaramila ka nasatrony ny lohany, ary nampitafiany kapaoty jaky izy. Rahefa izany, dia nanatona azy izy ireo, ka sady namely tehamaina azy no nanao hoe
(F) Arahaba ry Mpanjakan'ny Jody ?
(L) Dia nivoaka indray Pilaty ka nanao tamin'ny Jody hoe
(A) Indro izy entiko manketo aminareo, mba ho fantatrareo fa tsy hitako mihitsy izay helony na dia iray aza.
(L) Tamin'izay, nivoaka Jesoa nisatroka fehiloha tsilo sy nitafy kapaoty jaky, ka hoy Pilaty tamin'ny Jody
(A) Indro ny Lehilahy.
(L) Nony nahita azy ny lohan'ny mpisorona sy ny mpiandry raharaha, dia niantso nanao hoe
(F) Fantsiho, fantsiho amin'ny hazo fijaliana izy.
(L) Fa hoy Pilaty tamin'izy ireo
(A) Ento ary izy ka fantsihonareo fa izaho tsy mahita izay helony.
(L) Dia hoy ny Jody namaly azy
(F) Manana lalàna izahay, ary araka ny lalànay dia tsy maintsy ho vonoina izy, satria nanao ny tenany ho Zanak'Andriamanitra.
(L) Nandre izany Pilaty vao mainka natahotra. Ary niditra tao an-trano indray izy ka nanao tamin'i Jesoa hoe
(A) Avy aiza ianao ?

(L) Fa tsy namaly azy i Jesoa. Ka hoy Pilaty taminy
(A) Izaho indray ve no tsy hitenenanao ? Tsy fantatrao angaha fa sady manam-pahefana handefa anao aho, no manam-pahefana hamantsika anao amin'ny hazofijaliana ihany koa ?
(L) Dia hoy Jesoa
(+) Tsy hanam-pahefana amiko ianao raha tsy nomena anao avy any ambony izany ; koa izay nanolotra ahy taminao no meloka kokoa noho ianao.
(L) Hatramin'izay dia nitady handefa azy i Pilaty.Fa nantsointsoin'ny Jody hoe
(F) Raha mandefa io ianao, dia tsy mba sakaizan'i Sezara, satria izay manao ny tenany ho mpanjaka dia mitsangan-kanohitra an'i Sezara.
(L) Nony nandre izany teny izany Pilaty dia nitondra an'i Jesoa nivoaka, ka nipetraka teo amin'ny fitsarana, amin'ny toerana atao hoe Litostrotos na Gabata amin'ny teny hebrio. Andro fiomanana amin'ny Paka tamin'izay, ary tokony ho tamin'ny ora fahaenina, dia izao no nolazain'i Pilaty tamin'ny Jody
(A) Indro ny Mpanjakanareo
(L) Fa niantsoantso izy ireo nanao hoe
(F) Esory, esory, fantsiho amin'ny hazo fijaliana izy.
(L) Ka hoy Pilaty taminy
(A) Dia hofantsihiko amin'ny hazo fijaliana ve ny Mpanjakanareo ?
(L) Fa hoy ny lohan'ny mpisorona hoe
(F) Izahay tsy manam-panjaka afa-tsy Sezara.
(L) Tamin'izay dia natolony azy ho fantsihana i Jesoa, ka noraisin'izy ireo izy, dia nentiny .
(L) Nentin'i Jesoa ny hazo fijaliana, dia tonga teo amin'ny toerana atao hoe Kalvery izy, na hoe Golgota amin'ny teny hebrio. Teo no namantsihany azy tamin'ny hazo fijaliana, niaraka tamin'ny roalahy hafa koa izay nofantsihana teo amin'ny an-daniny roa, fa Jesoa teo afovoany. Ary nanao soratra Pilaty napetrany teo an-dohan'ny hazo fijaliana, ka izao no vakiny : Jesoa avy any Nazareta mpanjakan'ny Jody.Betsaka ny Jody namaky io soratra io , fa akaikin'ny tanana ny toerana namantsihana an'i Jesoa, sady vita tamin'ny teny hebrio sy greka ary latina ny soratra. Ka hoy ny mpisoron'ny Jody tamin'i Pilaty
(F) Aza atao hoe mpanjakan'ny jody, fa hoe izy nilaza hoe:Manjakan'ny Jody.
(L) Fa hoy Pilaty hoe
(A) Izay voasoratro dia voasoratro.
(L) Rahefa voafantsiky nymiaramila tamin'ny hazo fijaliana izy, nalainy ny fitafiany ka nozarainy efatra, dia samy nanana ny anjarany avy izy ; toy izany koa ny akanjony rebareba. Saingy tsy nizaitra kosa ny akanjony, fa tenona iray ihany hatrany ambony ka hatrany ambany, ka nifampilaza izy ireo hoe
(F) Aoka tsy ho triarintsika izy, fa aoka hilokantsika, dia ho lasan'izay hahazo ny loka.
(L) Koa tanteraka tamin'izany ny Soratra Masina manao hoe : Nozarainy ny fitafiako, ary nilokany ny akanjoko.Dia izany no nataon'ny miaramila. Ary nitsangana teo akaikin'ny hazo fijalian'i Jesoa ny reniny sy ny rahavavin-dreniny, dia i Maria vadin'i Kleofasy, ary Maria Madalena. Nony hitan'i Jesoa ny Reniny sy ilay mpianany malalany nitsangana teo akaikiny, dia hoy izy tamin-dreniny

(+) Ravehivavy,indro ny zanakao.
(L) Ary hoy koa izy tamin'ilay mpianatra
(+) Indro ny Reninao.
(L) Ka hatramin'izay dia noraisin'ilay mpianatra ho any aminy izy. Nony afaka izany, dia fantatr'i Jesoa fa efa tanteraka ny zavatra rehetra, ka hoy izy mba hahatanteraka ny Soratra Masina
(+) Mangetaheta aho.
(L) Ary nisy bakoly feno vinaingitra kosa teo, ka nalaina ny sponjy novontosina vinaingitra, sy notohizina tamin'ny hazo hisopy, dia natohoka teo am-bavany. Vao nanandrana ny vinaingitra izy dia nanao hoe
(+) Tanteraka ny zavatra rehetra. Dia nanondrika ny lohany izy ka niala aina.

Mandohalika sady mangina, ary mijanona vetivety.

(L) Ary andro fiomanana tamin'izay(izany hoe andro Zoma), ka nagataka tamin'i Pilaty ny Jody mba hotapahina ny ranjon'izy ireo, dia hesorina, mba tsy hisy faty mihantona amin'ny hazo fijaliana amin'ny andro sabata. Dia tonga ny miaramila ka nanapaka ny ranjon'ilay voalohany sy ny an'ilay anankiray niara-nofantsihana taminy koa, fa nony nankeo amin'i Jesoa izy ireo, dia hitany fa efa maty sahady izy, ka tsy mba notapahiny ny ranjony. Fa nolefonin'ny miaramila anankiray kosa ny lanivoany, ka nisy rano sy rà nivoaka niaraka tamin'izay. Ary ilay nahita no milaza, ka marina ny filazany, sady fantany fa milaza ny marina izy, mba hinoanareo koa. Ary izany no tonga dia mba hahatanteraka ny Soratra Masina hoe : Tsy hisy hotapahina ny taolany, na dia iray aza. Ary hoy indray koa ny Soratra Masina : Hijery izay nolefonina izy.

Rahefa afaka izany, Josefa avy any Arimatia, izay mpianatr'i Jesoa an-tsokosoko noho ny fahatahorany ny Jody dia nangataka tamin'i Pilaty mba haka ny fatin'i Jesoa, ka neken'i Pilaty izany. Dia lasa izy naka ny fatin'i Jesoa. Ary tonga koa Nikodema ilay nanatona an'i Jesoa nony alina tamin'ny voalohany nitondra mira sy aloesy nampifangaroina, tokony ho zato livatra . Ka nalainy ny fatin'i Jesoa, dia nasiany zava-manitra sy nofonosiny lamba araka ny fanaon'ny Jody amin'ny fandevenana. Nisy saha anankiray kosa tao amin'ilay toerana namantsihana an''i Jesoa , ary nisy fasana vaovao tsy mbola nadevenana olona tao anatin'ilay saha. Ka noho ny maha-andro fiomanan'ny Jody tamin'izay dia tao no nandevenany an'i Jesoa, satria akaiky ny fasana.

IZANY ARY KA HANKALAZAONTSIKA NY TENIN'NY TOMPO
- DERA ANIE HO ANAO RY KRISTY

(Aorian'ny famakiana ny Tantaran'ny Fijalian'ny Tompo, dia manokana fotoana fohy isika mba handinihana, na hivavahana mangina aaka izay mety ho an'ny tsirairay)

Ity fanompoam-ivavahana hanajantsika ny Lakroa Masina ity no hanaovantsika ilay Ranombavaka Lehibe. Entanina ny tsirairay eto mba samy handray anjara na ankizy, na tanora . Toy ny mahazatra ihany dia misy ny Mpitarika (G) ary misy ny Mpamaky teny sy Vavaka.

G- Miaraka amin'ny Fiangonana Masina maneran-tany, dia 'ndeha hampakatra izao Vavaka lehibe iraisana izao isika ho any amin'Andriamanitra Raintsika.

1- Ho an'ny Fiangonana

Mpamaky :
Mivavaha isika ry hava-malala ho an'ny Fiangonana Masina manerana ny tany ,enga anie ny Ray Tsitoha hanome azy ny fiadanana, ny firaisana ary hiaro azy hananatsika fiainana tony sy milamina ahafahantsika manome voninahitra an'Andriamanitra.

G- Ry Andriamanitra mandrakizay sy mahefa ny zavatra rehetra, tao amin'i Kristy no nanehoanao ny voninahitrao tamin'ny firenen-drehetra, arovy eo ambany fitiavanao izy mba hielezan'ny Fiangonana manerana an'izao tontolo izao ao anatin'ny finona ka ho sahy hitory ny Anaranao masina. Amin'ny alalan'i Kristy Tomponay. Amen

2-Ho an'ny Papa :

Mpamaky :
Mivavaha ho an'ny raiamandrenintsika ny Papa Fransoa izay natsangan'Andriamanitra Tompontsika ho eo amin 'ny Laharana maha-eveka azy : mba hiaro sy hitahy azy Andriamanitra hahafahany mitantana ny Vahoakan'Andriamanitra nankinina aminy

G- Ry Andriamanitra mandrakizay sy mahefa ny zavatra rehetra, mpandamina amim-pahendrena ny zavatra rehetra Ianao, henoy vavaka izahay, arovy amin'ny fitiavanao ny Papa izay nofodinao manokana hitantana ny Vahoakanao ary ny Kristianina eo ambany fitantanany mba handroso mandrakariva amin'ny finoana. Amin'ny alalan'i Kristy Tomponay. Amen

3-Ho an'ny mpitondra fivavahana isan'ambaratonga sy ny vahoaka kristianina.

Mpamaky :
Mivavaha isika ho an'ny evekantsika Michel, ho an'ny eveka rehetra, ny pretra, ny diakra, ireo miasa eo anivon'ny fiangonana ary ho an'ny mpino rehetra.

G- Ry Andriamanitra mandrakizay sy mahefa ny zavatra rehetra, hamasino sy tantano ao amin'ny Fanahinao Masina ny Fiangonanao,sy ireo mpino mandrafitra azy, rotsahy ny fahasoavanao ny tsirairay ho afaka hanompo Anao amim-pitokiana . Amin'ny alalan'i Kristy Tomponay. Amen

4- Ho an'ny Katekomena :

Mpamaky
Mivavaha ho an'ireo Katekomena eto amin'ny Diosezintsika sy ny Katekomena rehetra, Andriamanitra Tompontsika anie hanokatra ny fo amam-panahiny ary handray azy ireo amin'ny famindram-pony, rahefa nahazo ny famelana ny helony tamin'ny fahateraham-baovaon'ny Batemy, ka hampiditra azy ireo ao amin'i Jesoa Kristy Tompontsika.

G- Ry Andriamanitra mandrakizay sy mahefa ny zavatra rehetra, Ianao no manao izay hamapahavoatra hatrany ny Fiangonanao, ampitomboy ao amin'ireo Katekomena ny fahiratan-tsaina sy ny finoana , hanovozany mandrakariva ilay loharanon'ny Batemy nananganana azy ireo ho Zanakao. Amin'ny alalan'i Kristy Tomponay. Amen

5-Ho an'ny firaisan'ny Kristianina

Mpamaky :
Mivavaha ho an'ireo havantsika kristianina rehetra izay miezaka mampifanaraka ny fiainany amin'ny fahamarinana : Andriamanitra Tompontsika anie hanambatra azy ireo sy hiaro azy mba hitanany mandrakariva ny fiombonana ao amin'ny Fiangonana.

G- Ry Andriamanitra mandrakizay sy mahefa ny zavatra rehetra, managona izay mihahaka Ianao ary mampiombona izay misara-bazana, jereo am-pitiavana ny Fiangonan'ny Zanakao, mivavaka Aminao izahay mba hivondronan'izy ireo ho ao anaty valatokana, fatoran'ny fehim-pitiavana ny olona rehetra izay nohamasinin'ny Batemy tokana. Amin'ny alalan'i Kristy Tompnay. Amen

6- Ho an'ny firenena Jody.

Mpamaky :
Mivavaha isika ho an'ny firenena Jody izay nitenenan'Andriamanitra voalohany : handroso amin'ny fitiavana ny Anarany anie izy ireo sy hitana ny Fifanekem-pihavanana.

G- Ry Andriamanitra mandrakizay sy mahefa ny zavatra rehetra, Ianao no nifidy an'i Abrahama sy ny taranany mba hahatonga azy ireo ho zanaky ny Fampanantenana, tariho ao amin'ny tena fanavotana ireo firenena voalohany nanao fanekem-pihavanana taminao araka ny fitalahoan'ny Fiangonanao. Amin'ny alalan'i Kristy Tomponay. Amen

7-Ho an'ireo hafa finoana

Mpamaky
Mivavaha isika ho an'ireo tsy mino an'i Jesoa Kristy: hohazavain'ny Fanahy Masina izy ireo hizoran'izy ireo amin'ny lalan'ny Famonjena.

G- Ry Andriamanitra mandrakizay sy mahefa ny zavatra rehetra, omeo an'ireo tsy mino an'Kristy Zanakao ny fahasoavanao, handehanany eo anoloanao an-kitsi-po sy hahalalany ny fahamarinana , ampio izahay hifankatia bebe kokoa amin'izy ireo ka hanokafany ny fiainany ao Aminao, ary ho tonga vavolombelon'ny fitiavanao eo amin'izao tontolo izao. Amin'ny alalan'i Kristy Tomponay.Amen

8- Ho an'ireo tsy mahalala an'Andriamanitra :

Mpamaky :
Mivavaha isika ho an'ireo tsy mahalala an'Andriamanitra, hahay hihaino ny feon'ny fieritreretany : Ny Fanahy Masina anie hanohina ny fon' izy ireo ka izany no hitarika azy hahalala an'Andriamanitra

G- Ry Andriamanitra mandrakizay sy mahefa ny zavatra rehetra, Ianao no nahary ny olombelona, enga anie ny fitototoany mikaroka izay hahasoa ny fiainany, indrindra ao anatin'ny zava-manahirana azy izay diaviny eo amin'izao tontolo, mba hifanenany amin'ireo vavolombelon'ny fitiavanao ka hitarika azy ireo hahatsapa fa Ianao ilay Andriamanitra tokana ary Rain'ny olombelona rehetra. Amin'ny alalan'i Kristy Tomponay. Amen

9- Ho an'ireo mpitondra fanjakana

Mpitarika
Mivavaha isika ho an'ny Filoham-pirenena sy ireo rehetra miandraikitra ny raharaham-bahoaka : ny Tompo anie hitarika sy hanilo ny fo amam-panahin'izy ireo araka ny sitrapony mba hiadanan'ny vahoaka.

G- Ry Andriamanitra mahefa ny zavatra rehetra sy mandrakizay, eo an-tananao avokoa ny fon'ny olombelona ary Ianao no miantoka ny zo ananany , ampio ireo rehetra mampiasa fahefana eo am-pelatanany mba hahay hampihatra izany araka ny tokony ho izy , hiadanan'ny firenena entiny, ary mba halalaka ny fahefan'ny olona hivavaka. Amin'ny alalan'i Kristy Tomponay .Amen

10- Ho an'ireo havantsika ao anatin'ny fisedrana

Mpamaky :
Mivavaha isika amin'ilay Andriamanitra Tsitoha mba hamindra fo amin'ireo olona ao anatin'ny fitsapana sy fisedrana mafy Izy, ka ho esoriny eo amin'izao tontolo izao ny hevi-diso, ho fongorany ny areti-mifindra sy ny hanohanana, ho foanany ny fonja, avotany ireo babo, arovany ireo mandeha lavitra, ampodiany ireo voasesitany, hatanjahany ny marary ary tsenainy famindram-po ireo ho faty.

G- Ry Andriamanitra mahefa ny zavatra rehetra sy mandrakizay, fiononana ho an'ny ory Ianao, tanjaky ny trotraka sy ny mijaly, henoy ny vavak'ireo miantso Anao, na inona na inona fijaliana iaretany, ary enga anie izy ireo hahita hafaliana amin 'ny fanampianao azy amin'ny fijaliana hiaretany ary ho hery sy famindram-po ho azy Ianao. Amin'ny alalan'i Kristy Tomponay. Amen

11- Mivavaha isika ho an'ireo firenena rehetra voakasiky ny valan'aretina Coronavirus .

G- Ry Andriamanitra mahefa ny zavatra rehetra sy mandrakizay, hery ho an'izay manantena Anao Ianao, jereo am-pitiavana ireo rehetra mandalo toe-java-manahirana amin'izao fotoana izao : mangataka Aminao manokana izahay ho an'ireo marary sy ireo mpikarakara azy , tolory ny fanampianao izy ireo ho afa-miatrika lalandava ny ady hatrehiny, jereo manokana ireo mila ny fiarovana avy Aminao, raiso ho any Aminao ireo rehetra namoy ny ainy tamin'ireny valan'aretina ireny ary ento ho any amin'ny fialan-tsasatra mandrakizay.Amin'ny alalan'i Kristy Tomponay.Amen

FITSAHONA NY HAZOFIJALIANA

Noho ny tsy fahafahantsika manoatra manoloana ity areti-mifindra ity , dia tsy hikasika na hanoroka ny LAKROA MASINA isika anio, fa hibanjina azy am-pitiavana sy feno fanajana. Banjino am-pitiavana i Jesoa mifantsika dia avelao koa izy hijery anao sy ny ankohonanao,tadidio fa teo ambonin'io Lakroa io no nanehoany ny fara-fitiavany anao.

Aorian'ny fibanjinana ataon'ny tsirairay dia azontsika atao ity hira Fankalazana ny HAZOFIJALIANA ity

MASINA IANAO RY HAZO

1- Masina ianao ry hazo, nohamasinin'i Jesoa
Arovy aho tsy ho resin'ny fanirian-dratsiko
Raha izaho no ho afaka aina, 'zaho te hanoroka anao
Ka ianao no hanamasina sy hampandefa ny aiko
Hazo isaorana, Hazo masina

2- Taloha ny Hazofijaliana , henatr'izao tontolo izao
Fa anio izy tonga saina fireharehanay rehetra
Izy rovan'ny olo-meloka sy mbola marina ao am-po
Izy no mampangorohoro sy maharesy ny demony
Saina hajaina, Hazo masina

3- Raha amin'ny farandro loza, rahefa hitsara anay i Jesoa

Ny saina hiseho avy amin'ny hazavana be
Ary hoheloin'i Jesoa 'zay tsy manao sy 'zay mandà
Saina hatahorana, saina masina.

Rahefa vita ny hira :

G- Teo ambony Lakroa Jesoa mbola nanohy nivavaka ho antsika tamin'Andriamanitra Rainy, Andriamanitra mampita amintsika ny Fanahiny, dia ilay Fanahin'ny firaisana sy ny fiombonana. Noho izany dia afaka miteny amintsika izy araka ilay nampianarin'i Jesoa antsika manao hoe :

Rainay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao, ho tonga anie ny fanjakanao, ho tanteraka anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.

Omeo anay anio ny haninay isan'andro, avelao ny fahotanay, tahaka ny hamelanay izay nanao ratsy taminay, aza avela ho resin'ny fakam-panahy izahay fa manafaha anay amin'ny ratsy. Amen

G- Iangaviana ny tsirairay hanao famantaran'ny hazofijaliana ka hanao hoe :
Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina . Amen

Izay mbola te hanohy ny fandinihana masina dia afaka mamaky ny Evanjelin'i Md Joany toko faha-14 hatramin'ny toko faha-17.